

## **TARIDALANA (Mba hisian'ny rivom-piaianan'ny firahalahiana ao amin'ny fiangonana)**

« «

« Ny tena firahalahiana dia ny firahalahiana izay manao ny hafa ho tena mahakasika ahy ary ny maha-vahiny azy mihitsy no maha rahalahiko azy » Emmanuel Levinas

### **IREO ANDALANTENY MIRESAKA IZANY AO AMIN'NY BAIBOLY**

- Ilay Samaritana tsara fanahy Lio 10 :20-37
- Sambatra Mat 5 :1-12
- Ny fiangonana voalohany Asa 2 :42-48
- Ny famelan-keloka Lio 17 :3-4
- Aza mitsara Mat7 :1-6, Lio 6 : 37-42, Mar 4 :24
- Tiava ny fahavalonareo Mat 5 :38-48
- Ny reniko sy ny rahalahiko Mat 12 :46-50, Lio8 :19-21
- Jesosy sy ilay vehivavy tao Samaria Jao 4 :5-26
- Kaina sy Abela Gen 4 :1-7
- Josefa sy ireo rahalahiny Gen 37 :12-37
- Fanoharana ny amin'ny fanjakan'ny lanitra Mat13 :24-30
- Fanoharana ny amin'ny lazaro sy ilay mpanankarena Lio 16 : 10-19
- Ahoana no hitiavana Jao 3 :16-19 , 4 :20-21

### **FISAINTSAINANA**

Ahoana ny amintsika ?

Inona no hevitra tonga ao antsaintsika ?Inona no toe-tsaina iainantsika ?

Inona no mora, ary inona no sarotra ny amin'ity hoe miaiana amim-pirahalahiana ity....

Inona no azo atao amin'izany ?

Ahoana no fomba hanazavako an'izany ?

Rehefa miady hevitra, manao fifanakalozana, ahoana no hahafahako mihaino ny hafa, mandray azy ho tena rahalahy na tsy mifankahazo hevitra aza izahay ?

Ahoana no hifanohanantsika Kristiana ny amin'ity resaka firahalahiana, fahamarinana, firaisankina ity eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika ?

Inona ary ireo sosokevitra ho tanterahina izay novololaina niaraka tamin'ny hafa ? Ao amin'ny fiaraha-monina ao, inona no atao hoe firahalahiana, inona no atao amin'izany ? Tena ain-dehiben'ny fanorenana « Miaina miaraka » ve izany ?Ahoana no hamelomana, hampiroboroboana, hiainana izany ?

**« Manoatra lavitra nohon'ny firaisankina ny firahalahiana.**

**Ny atao hoe firahalahiana mantsy dia ny mitia n'inon'inona mitranga, ary na ho amin'ny tsara na ho amin'ny ratsy”**

Voafaritra ao anatin'izany ny safidy sy ny fitondratenan'ny hafa. Ny fanajana ny hafa dia ny famelana azy hanana ny safidiny malalaka, na dia mety tsy ho azontsika mihitsy aza izany, manokatra varavarana ho azy mba hahafahany miverin-dalana ary tsy mitsaratsara azy...Mitady ny hevitra rehetra hahatanteraka ny atao hoe "Miaina miaraka" manoloana ireo fanontaniana maro be mety hipetraka rehefa tsy azontsika loatra izany. Izay aloha hatao.

Ao anatin'izany rehetra izany dia ahoana no hahafahako manorina ny "izaho-ko", kanefa koa mamela ny hafa hanorina ny "izaho-ny" ary afaka hanao hoe "lanao" avy eo?

Ny finiavantsika hiaina amim-pirahalahiana dia manova ny fifandraisantsika amin'ny hafa.

Miezaha maka ny toeran'ny hafa fa aza mitsara azy, mihainoa azy....kanefa aza mamboly fiankinandoha ho azy.

---

" Mety afaka hiray hina isika kanefa tsy misy firahalahiana raha toa ka tsy manome tombambidy ny hafa isika. Mba hahafahana manome tombambidy ny hafa dia tsy maintsy manome tombambidy ny tenantsika aloha isika."

**" Indray andro raha nandeha tany an-tendrombohitra aho dia nahita biby anankiray, rehefa nanantona izy dia hitako fa hay olona, rehefa tonga teo akaikiny aho dia hitako fa hay rahalahiko izy." Ohabolana Tibetain**

### **VEHIVAVY SY LEHILAHY MIFANDRAY TOY NY MPIRAHALAHY**

Ao anatin'ny teny filamatrin'ny repoblika ny teny hoe firahalahiana. Tsy hoe an'ny kristiana irery akory ny firahalahiana. Izy io dia antso ho amin'ny fanorenana fiaraha-monina mitambatra amin'ny alalan'ny fanomezan-danja ny fahafahana sy ny fitoviana na dia eo aza ny fahasamihafana . Tsy misy lalana mipetraka loatra amin'izany.

---

---

Ny firahalahiana dia antso ho amin'ny fanorenana fiaraha-monina miaraka amin'ny alalan'ny fanomezana lanja ny fahafahana sy ny fitoviana na dia eo aza ny fahasamihafana.

Ahoana no hahafahantsika mifangaro amin'ny hafa, miara-dia aminy anaty zava-tsarotra ary manampy azy hitsangana mba hahitany indray ny lanjany sy ny maha-sarobidy azy?

(ohatra: fifandraisana any ambanivohitra)

Manoloana ny fiovaovana eny ambanivohitra, ahoana no hahitantsika izany hoe firahalahiana izany?Inona no tokony hataontsika?

*“Ny olona rehetra dia nateraka mba hanana fahalahahana sy fitoviana eo amin’ny zo sy ny hajany. Nomena saina afaka mandanjalanja sy feon’ny fieritreretana izy ka tokony hifanampy amin’ny hafa amin’ny toetsain’ny firahalahiana” Fanambarana manerantany momba ny zon’olombelona*

*Manoloana ireo vinavinan’asa izay ifampizarako amin’ny manodidina ahy, ahoana no hiainako izany firahalahiana izany?*

*Ahoana no hananako sy hiainako fisokafana amin’ny olona rehetra manodidina ahy mba hahafahako manamboatra ny izahoko?*

*Tsy natao hanameloka akory ny fametrahana izany fanontaniana izany fa kosa mba hahafahana mahita ny maha-manandanja ireo teboka ireo ka hahafahana mandroso sy manamboatra ny izaho: Ilaiko ny mahita ireo mitovy amiko, hahatsapako firindrana sy fifaliana, ary tiako ny hisokatra amin’ny olona rehetra ka hihaona amin’ny hafa izay mitovy na tsy mitovy hevitra amiko. Vonona hanaja ny hafa aho amin’ny maha-izy azy ka hamela azy hanana ny safidiny malalaka, sy izay mba vinavinany eny na dia tsy mandray anjara amin’izany aza aho.....Anneé 2007-2008*  
page 2

*“Tsy nisy olona tonga rahalahy araka ny nahim-pony, nomena antsika ny firahalahiana. Ny firahalahiana dia miainga hatrany amin’ny fototra ary izy ihany koa no fetra. Azo tarafina eo amin’ny tava sy eo amin’ny fomba fiaraha-miasa amin’ny hafa ny firahalahiana ka ny olona hafa izay lavitra teo aloha dia indro fa lasa namana akaiky.”*

#### **SANTIONANA PROGRAMA AZO TANTERAHINA**

- Fitsangatsanganana, lalao....
- Asa sosialy (fanadiovana tokotanim-piagonana...)
- Fanatanjahantena
- Fiara-ha-misakafo
- Takariva fialamboly
- Sns

Pasteur Rado RAKOTONANDRASANA

Filohan’ny Departemanta Fifandraisana sy Ministeran’ny vavaka  
Ranomasimbe Indiana